*Repoblikan'i Madagasikara*
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

*Masoivohon'i Madagasikara*
*Berlin-Falkensee*

# FAMPILAZANA

Hanao fitsidihana ara-pomba ofisialy aty Allemagne ny Filohan'ny Repoblika Malagasy Marc Ravalomanana manomboka ny Alatsinainy faha-16 Aprily ka hatramin'ny Alatsinainy faha- 23 Aprily ho avy izao ka ireto avy no tanàna handalovany :

- Köln : 16 Aprily
- Bielefeld : 17 Aprily
- Hamburg : 18 Aprily
- Berlin : 19 – 21 Aprily
- Munich : 21 – 23 Aprily

Ny Alakamisy faha-19 Aprily tolakandro dia hanokatra amin'ny fomba ofisialy ao amin'ny Parc Zoologique eto Berlin ny fampisehoana an-tsary izay sangan'asan'ny ankizy malagasy nokarakarain'i WWF any Madagasikara ny Filoham-pirenena.

Noho ny fandaminana anefa dia manomboka amin'ny Zomà faha-20 Aprily vao azon'ny be sy ny maro jerena ny fampisehoana.

Ny Sabotsy 21 Aprily amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro dia hiara-hitafa sy hidinika amintsika Mpiray Tanindrazana aty amin'ny tapany Avaratra izy ao amin'ny Hôtel Ritz-Carlton, Potsdamer Platz 3 – 10785 Berlin.

Ny Alahady hariva 22 Aprily aorian'ny Fanompoam-pivavahana manomboka amin'ny 05 ora hariva ao amin'ny Fiangonana Evanjelika ao amin'ny Martin-Lutherstr. 4, 81539 Munich no anjarantsika aty amin'ny tapany Atsimo.

Iangaviana isika mba hifampilaza ary ho tonga maro hanome voninahitra sy haja ny Filoham-pirenena Malagasy.

Misaotra indrindra antsika rehetra ary mirary soa ho anareo isan-tokantrano.

Alphonse RALISON
AMBASADAORO